# Ilay Voa Tsara Nafafy 05 Desambra 2018

# 5 Alarobia desambra

**Ianareo dia manana fananana tsara lavitra sady maharitra.** Hebreo 10. 34

**Nefa izay azoko ho tombony dia nataoko fatiantoka kosa noho ny amin'i Kristy… noho ny fihoaran'ny hatsaran'ny fahalalana an'i Kristy Jesosy Tompoko.**
Filipiana 3. 7, 8

**Omeo izay tsara kokoa izy !**

Naharay zava-maranitra mety handratra azy ny zanako, mbola zazakely. Nandramako nalaina taminy ilay izy, nefa vao mainka nohazoniny mafy. Raha alaiko an-kriny ilay izy, dia handratra azy aho. Noho izany dia nampiasaiko ilay fomba tsotra, fantatry ny ray aman-dreny rehetra. Namoaka „porte-clés" tsara tarehy avy ao am-paosiko aho, nasehoko azy. Avy hatrany dia navelany ilay zavatra mampidi-doza, mba hakany ilay „porte-clés". Napetrany tsotra fotsiny ilay zavatra nofihininy mafy vao teo, satria nisy zavatra tsaratsara kokoa nomeko azy !

Mananatra antsika Andriamanitra hifady ireo filan'ny nofo, izay miady amin'ny fanahintsika (1 Petera 2. 11). Ary angaha Izy tsy manana zavatra tsaratsara kokoa homena antsika ? Aoka isika hianatra hahafantatra Ilay Zanany mahagaga, dia Jesosy Kristy ; hahafantatra ny hasarobidin'ny sorona nataony, sorona manome ho antsika ny fiadanana sy ny fifaliana avy amin'ny famonjena. Ka noho ny „hatsaran'ny fahalalana an'i Kristy Jesosy", Izay Tompony, dia nafoin'ny apostoly Paoly izay rehetra antom-pisiany fahiny.

Hitan'ny kristiana ny hasarobidin'ireo zava-misy ara-ponahy, ka izany no nialany tamin'izay zavatra tsy foiny mihitsy fahiny. Ny lanitra no tena tanindrazan'ny kristiana, ka toy ny vahiny izy mamakivaky izao tontolo izao. Tsy fihafiana mampangotsoka na miteraka alahelo tsy akory ny fialana amin'izay tsy ankasitrahin'Andriamanitra. Manana tsaratsara kokoa ny kristiana !

Ry kristiana, arakaraka ny ankafizantsika „ny harenan'i Kristy tsy hita lany" (Efesiana 3. 8), no hanaporofoan'ny fomba fiainantsika fa manana tsara kokoa noho izay atolotr' izao tontolo izao isika. Dia hampitsiriritra ny hafa izany.